# Sal 121.8 ; 24 Jona 2024

**Salamo 121,8**

**Fiarovana mamakivaky ny làlana (Mivoaka na miditra)**

Ohatra: Zanak'Israely namakivaky ny Tany efitra 40 taona niaraka tami'nny andry afo sy ny andry rahona.

Ohatra miiba: Ny fomban'ny fakana fiarovana raha handeha lavitra…

**Fiarovana mamakivaky ny fotoana (hatramin'izao ka ho mandrakizay)**

Jehovah: tsy miova sy maharitra.
Ny zava-mitranga mety miova fa IZY tsy miova.
Ny famantaran'andro no miodina fa ny Tompo manatrika lalandava.
Ny olona no miteny mandra-pihaona fa Izy tsy manao veloma anao na iray minitra aza.

**Fampiharana**

Manomboka izao dia mariho ao amin'ny firaketanao ireo trangan-javatra nahatsapanao ny fahamarinan'izao Salamo 121,8 (Psa 121.8) izao.
Manomboka izao, omeo toky ny saro-tahotry ny zava-misy sy be fanahina ny amin'ny ho avy fa misy ny Psalmes 121,8 (Psa 121.8) ary tsy mamitaka ny Tompo. Ny matoky no anjarantsika.

**Vavaka**

Vavaka ho an'ireo marefo sy mandalo ady sarotra mba hatoky ny fiasan'ny Teny Fikasan'ny Salamo 121,8 (Psa 121.8).

- Tontolon'ny asa
- Tontolon'ny fianakaviana
- Tontolon'ny zanaka

- Tontolon'ny fanapahan-kevitra
- Tontolon'ny firenena
- Tontolon'ny mpandeha an'habakabaka sy an-tanety
- Tontolon'ny fiangonana
- Tontolon'ny ara-panahin'ny vahoakan'Andriamanitra